# Mofonaina 23 Septambra 2024 – 2 Tantara 20:18-23

**2 Chr 20:18-23**
**2 Chr 20:20**

## Mpino miorina amin'ny finoana

**MIVAVAKA**
**MIHAINO**
**MANANTENA**

---

## MIVAVAKA

Raha vao nandre Josafata mpanjaka fa ho avy hanafika an'i Joda ny Moabita dia natahotra izy. Nivavaka izy ary niantso vavaka fifadian-kanina koa. Nivavaka izy sy ny vahoaka notarihiny.

**FAMPIHARANA**
Maro isankarazany ny ady atrehin'ny vahoakan'Andriamanitra. Fomba samihafa no entin'ny olona miatrika ny adiny:

- Atrehiny irery.
- Iantsoany olon-kafa, odiany tsy jerena.
  Josafata: Vavaka no niantsoany ny vahoaka. Fiombonana eo anatrehan'Andriamanitra.

**ANTSO**
Ny vahoakan'Andriamanitra miatrika ady dia antsoina haneho ny finoany ka hiray hina ary hiombom-po amam-panahy hivavaka.

---

# MIHAINO

Josafata dia nihaino ny tenin'i Jahaziela (2 Chr 20:14), Levita voatsindrin'ny Fanahin'i Jehovah. Nihaino azy Josafata ary mitaona ny olona hihaino koa. Ny fihainoana dia antoka mampiorina ny finoana.

**FAMPIHARANA**

- Rehefa tena mafy ny ady dia sarotra ny mifampihaino.
- Rehefa tena mafy ny ady dia sarotra ny mihaino an'Andriamanitra (Sokafana ny Baiboly fa tsy hita izay Teny ho raisina).
- Mampahery anao ny olona, fa ianao tsy tafatraka. Manakivy anao ny olona, dia resy koa ianao.
- Misy olona tena manilika ny Mpitondra ny hafatr'Andriamanitra rehefa tojo fahoriana mafy.

**ANTSO**

Ny vahoakan'Andriamanitra miatrika ady dia antsoina haneho ny finoany amin'ny fihainoana ny Tenin'Andriamanitra sy ny Mpaminaniny.

---

# MANANTENA

Vao hiainga hiatrika ady ny vahoaka.
Vao maraina.
Tany efitra (Tekoa), sady tendrombohitra mideza. Izany no làlana iantsoana ny vahoaka hanantena fanambinana (fandresena).
Abrama dia nasain'Andriamanitra hiala teo amin'izay nisy azy, dia nampanatenainy fitahiana any amin'ny tany tsy fantany akory (Gen 12).

**FAMPIHARANA**

Vao manomboka dia kivy miheritreritra ny fandaharam-potoana sy

ny làlana voaravaka ady.
Tsy misy afaka hilaza isika hoe “Tsy manana ady atrehina”.

- Ady ny fialana eo am-pandriana.
- Ady ankandrombaka any amin’ny fitateram-bahoaka.
- Ady amin’ny anoanana (mosary).
- Aza anie ka ady amin’ny mpiara-monina, mpiara-mivavaka, mpiara-miasa, mpiara-mianatra. Ny anao no be indrindra!!!

**ANTSO**
Ny vahoakan’Andriamanitra miatrika ady dia antsoina haneho ny finoany ka ho vavolombelon’ny fanantenana handresy eo am-panombohana ny ady.

---

# FEHINY

Amin’izao maraina izao, aoka hiavaka ny fiatrehantsika mpino ny adintsika:

1. **Mivavaha amin’Andriamanitra fa hamaly Izy.**
2. **Mihainoa an’Andriamanitra fa hiteny Izy.**
3. **Manantena an’Andriamanitra fa hampandresy Izy.**

**Amena.**